

LOHAHEVITRA

- Mahalala sy mahafantatra ny mpanoratra sy ny lalan-kizorany amin'ny maha mpanoratra azy ary mihanoka ny asa soratra nahafantarana azy

LESONA HO TADIDINA

IZA MOA NY MPANORATRA J.J. RABEARIVELO?

Teraka tamin'ny 4 Martsa 1901 tao Isoraka, Antananarivo i Joseph-Casimir Rabearivelo, zanaky Rabozivelo, Zanadralambo, avy ao Ambatofotsy - avaratr'Antananarivo. Efa taona taty aoriana no nanova anarana hoe Jean-Joseph Rabearivelo i Joseph-Casimir

Ny tantaram-piainany nolalovany sy nizorany:

Nanomboka tamin'ny taona 1908 dia ny anadahin-dreniny no niantoka sy nitaiza an-dRabearivelo. Nianatra tao amin'ny Frères des Écoles Chrésiennes Andohalo izy, avy eo tao amin'ny sekoly Masin-dahy Misely ao Amparibe, ary rehefa voaroaka tao dia nifindra tao amin'ny sekoly Falcourt Faravohitra. Teo amin'ny faha-13 taonany izy nandao ny fianarana saingy nanohy namaky boky ary nampiana-tena niteny Frantsay sy Espaniola.

Tamin'ny 1916 izy no nanomboka niasa, mpandika teny, mpitan-tsoratra tao amin'ny lehiben'ny kantao tao Ambatolampy, mpanao sary tao amin'ny goverinora tao Antananarivo. Nampianatra teny Frantsay koa izy.

Tamin'ny taona 1924 Rabearivelo no nanomboka niasa tao amin'ny Imprimerie de l'Imerina, ary nijanona niasa

TSY HITONY TSY AKORY

Na dia misy olon-tiana
Hanakely ny mahory,
Sy hitondra hafaliana -
Tsy hitony tsy akory !

Na dia misy anjely soa
Hanafoana sorisory,
Sy hamalifaly koa -
Tsy hitony tsy akory

Na dia manan-kery aza
Ny fitia mamorivory,
Dia sahiko ny milaza:
Tsy hitony tsy akory !

Tsy hitony tsy akory
Fa diso ny finoana
Ry raozy e, esory
Ny tsilo manoloana.

Tsy hitony tsy akory
F' efa diso fanantena !
Ny foko avela hatory,
Hanadino e, ry sena !

Eny indrisy ! tsy hitony
Fara hery : manadino.
Fa ny tsy ho tia intsony
'Zany kosa, aza mino !

JJ. Rabearivelo

tao hatramin'ny nahafatesany na dia tsy nandray karama aza izy tamin'ny roa taona voalohany. Mpanao fanitsiana no asany tamin'izany.

Nanambady an'i Mary Razafitrimo tamin'ny taona Jolay 1926 izy. Nanan-janaka dimy izy ireo dia i Solofo, Sahondra, Voahangy, Noro ary Velomboahangy. Maty tamin'ny taona 1933 i Voahangy zanany, ary izay no nahatonga ny anaran'ny zanany faravavy hoe Velomboahangy.

Tamin'ny 22 Jiona 1937 no maty, namono tena, Rabearivelo

J.J Rabearivelo nisedra olana

maro ireo lalan-tsarotra niaretan-dRabearivelo teo amin'ny fiainana

- fahadisoam-panantenana teo amin'ny zava-marompanantenaina azy
- fahasarotam-piainana teo amin'ny fitadiavana
- fahafatesan'ny zanany vavy
- tinaizan'aretina sohika izy

J.J Rabearivelo sy ny literatiara

Mpanoratra ny fitadiavana ny very izy, tanjony tamin'izany ny:

- fanairana ny saim-bahoaka izay rendrika tamin'ny fandrosoana nentin'ny vahiny (Frantsay)
- fampahafantarana ny Malagasy fa manana ny mahaizy azy ny soatoavina sy ny riba malagasy
- fanindrahindrana ny fiandrianam-pirenena sy fitiavan-tanindrazana

J.J Rabearivelo mpanoratra malaza

Mampahalaza ny mpanoratra Rabearivelo ny tononkalo

FASANA FAHAROA

Ilay fasako, fasako ihany,
fa ny foko dia fasana koa!
Io no fasako ivelan'ny tany,
Io no fasako iray, faharoa!

Tsy mba vero na mba rangolahy,
no manafina an'io fasana io
fa ny nofoko zary manahy
no mandrakotra omaly sy anio.

Sentosentoko mamelovelovelo,
ranomaso, toloko tsy tana
Izy ireny no sarin'avelo
mitampody ka sarotra ialana

Ao ny nofy novolavolaina,
izay nisinda nalaky, tsy hita!
Ao no rendrika ilay nantenaina,
ilay sambo nataoko ho tafita!

Ao ny tsantan'ny andro taloha
sy ny hiran'ny fahazazako
no milevina ka tsy mifofoha,
na miverina mba hitondra ako!

Ao ny zava-drehetra voakasa,
saingy simba, ka very tadidy!
Ao ny taolan'ny androko lasa,
sy ny ora tsy masi-mandidy!

Ao ny nofo nikipaka mora,
ao ny maty daholo daholo!
Ao malazo na mbola tanora,
ka mianjera tsy mana-mpisololo!

Ilay fasako, fasana ihany,
fa ny foko dia fasana koa!
Io no fasako ivelan'ny tany,
Io no fasako iray faharoa!

J.J Rabearivelo

na amin'ny teny malagasy na amin'ny teny vahiny

- tonokalo amin'ny teny malagasy: Aza anontaniana izay anton'izao, Dihy, Tsy hitony tsy akory, Alahelon'olombelona, Nosoratana tao antin'ny fangorakorahana, Eritreritra fahavaratra, Tanala very sampy, Tsy embona, Fo mitohy, Ny foko nanidina, Fasana faharoa

- asa soratra amin'ny teny vahiny:

La coupe des cendres, 1924; Sylves, 1927; Enfants d'orphée, 1931; Volumes, 1928; Traduit de la nuit, 1935; Presques-songes, 1934

J.J Rabearivelo sy ny solon'anarana

K. Verbal, Amance Valmond, J.J.R

SAHANASA 1

1- Iza ny tena anaran'ny mpanoratra J.J.R?

2- Manomeza solon'anarana ankoatra ny h hoe J.J.R nentin'ny mpanoratra Rabearivelo

3- Iza moa ny mpanoratra Rabearivelo? Vahavahao anatin'ny fehezanteny fohifohy ny mombamomba azy

SAHANASA 2

Aza anontaniana izay anton'izao

Aza anontaniana izay anton'izao
Fanginako lalina ary feno tomany!
Aza anontaniana satria fantatrao
Fa fahatsiarovana no anton'izany.

Tsaroako ny tsikin'ny androko omaly,
Izay manjary aloka foana indrisy!
Tsaroako!...Antsoiko fa tsy mba mamaly,
Ary toa manadino, ary toa tsy mba nisy.

Ô! inona indrindra no karazan-tany
Nitsangananao re, ry androko lasa,
Ry androko lasa miampita any ho any,
Nitondra any ho any zava-boakasa.

Fasika amoron'ny rano malaky,
Mikoa amin'ny onja sy alona ve?
Sa vato malemy sy mora vinakin'
Ny eri-mifafy mangina tsy re?

Ny vovoka sisa tavela aminao,
Vovoka mandry na vovoka miely,
Vovo-manerana ity fiainako vao,
Vovoka ingain'ny rivotra kely.

Hifafy, handemy ny hery rehetra,
Hatramin'ny hery izay dia sahy.
Ô! vovo-masiaka sy mahery setra,
Manditsoka hatrany amin'ny ati-fanahy

J.J.Rabearivelo

1- Vakio ny lahatsoratra: arahina ny fontanana hita ao amin'ny lahatsoratra mba hampahazava ny hevitra tiana ambara.

2- Fintino ao anatin'ny fehezanteny iray ny andininy tsirairay ao amin'ity asa soratra malaza ity, araka ny fahazoana azy.